Hetsiky ny taksi... 2

**Voahosihosy indray ny demôkrasia**

Raharaham-pirenena 6

**Milaza ho namana, nefa misy tsy namanao ny zandary**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 12 aprily 2022 Laharana 1285 Vidiny : **400 Ar**


Dia ny tena no menatra 3

**53% hono no mbola hifidy an-dRajoelina amin'ny 2023**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


## Jeunes TIM Toamasina 3

# Na nisy ny sakantsakana tsy nihemotra ny "randonnée" ny tanora



## Fitantanana tsy mahombin'i Vazahabe 2

# Tsy hipetra-potsiny ny mpanolotsaina TIM fa hitory



## Rugby Barthés Trophy 2022 8

# Hanao manasa-dalana rahampitso any Kenya ny Makis U20



## Antoko Arema 2

# Manatona ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanatanjahantena koa



**Federasiônan'ny baolina kitra** 8

**Diso kajy ireo ligim-paritra miisa 21**

**Tontolo iainana** 7

**Nifampigidraka ny mpiasan' ny ONE ny zoma teo**

**Daka kely**

Hita mihitsy ialahy ry Boaikely fa tsy nianatra teny Ambohitsaina a !

FITANTANANA TSY MAHOMBIN'I VAZAHABE

# Tsy hipetra-potsiny ny mpanolotsaina TIM fa hitory

Nanao fanambarana, nitafa tamin'ny mpanao gazety ireo mpanolotsainan'ny tanàna, avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ny faran'ny herinandro teo. Nambaran'izy ireo tamin'izany, fa tsy misy mangaraharaha ny fitantanan'ny ben'ny tanàna Vazahabe, Naina Andriantsitohaina. Natao tompontrano mihono tamin'ny dingana fananganana ny SMGD sy SMA izahay hoy ireto mpanolotsaina ireto. Tsy misy ny mangarahara mahakasika ireo orinasan'ny Commune ireo, hoy ihany izy ireo. Tsy nisy ny «appel à manifestation d'intérêt», fa tonga dia «marché de gré à gré» no nananganana ireny. Marihana fa ireo olona akaiky ny Ben'ny tanàna avokoa no mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanana. Fanitsakitsahana ny zo sy fahefan'ny filankevitra izany, ka dia lavinay marindrano. Tsy vahaolana velively ny fanilihana sy fanatsikafonana ny teo aloha, isaky ny misy zavatra hita fa tsy mety hitanay ataon'ny fitantanana izay tarihan'ny Ben'ny tanàna ankehitriny, hoy hatrany ireto olom-boafidy TIM ireto. Ny Ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina, no ahitana tsiny amin'ny fitantanana amin'izao fotoana izao, ary fanazavana mahakasika izany no takiana sy ilain'ny mponin'Antananarivo fa tsy resa-jaza akory izy ity. Izahay mpanolotsaina avy amin'ny antoko TIM, hoy ihany ny fanambarana dia tsy hipetraka fotsiny amin'izao, fa hitory amin'ireo rafitra samy hafa mahakasika izany. Mangataka ireo rafitra rehetra manana fahefana amin' izany izy ireo, hijery akaiky ny mahakasika ny fananganana ireo orinasa ireo, indrindra fa ny findramam-bola 11 miliara ariary natao teo anivon'ny Cnaps. Tsy mandeha amin'izay laoniny ny fitantanana ny tanàna, izay tarihan'i Naina Vazahabe amin'izao fotoana izao. Hijoro izahay ary efa miroso ny dingana eny anivon'ny ambaratongan-drafitra rehetra, hijery akaiky izao raharaha rehetra izao. Anjara asan'ny mpanolotsainan'ny tanàna ny mijery sy manara-maso ny asan'ny mpanatanteraka, ka tsy tokony hatahotra ny fanakianana atao aminy ny Ben'ny tanàna, raha tena mitsinjo ny tombontsoan'ny mponin'Antananarivo marina izy, indrindra koa raha tena mangarahara ny fitantanany.



*Ireo mpanolotsainan'ny tanàna TIM nitafa tamin'ny mpanao gazety.*

***Stefa***

Clemence Raharinirina

# Nankasitraka ireo rehetra nanohana azy ny sabotsy teo

Nitondra fisaorana sy fankasitrahana ho an'ireo rehetra nanohana azy ny sabotsy teo, tamin'ny fisamboran'ireo mpitandro filaminana azy teny Ankorondrano, avy eo nentina teny Fiadanana, i Clemence Raharinirina, filohan'ny taksi eto Antananarivo Renivohitra na FTAR.

"Araka ny efa nambarako dia hisaotra ireo rehetra na lavitra na akaiky nanohana, nitrotro am-bavaka, ka nahatafavoaka ahy soamantsara aho androany. Eo ilay Ray Mpahary, ny vady aman-janako, ny fikambanan'ny taxi, isika mpanao FB, namana aman-tsakaiza, fianakaviana, olomboafidy, ny antoko politika samihafa, ka singaniko ny TIM sy ny jeune RMDM, ireo mpanao gazety rehetra ary ireo izay tsy mahafantatra ahy akory nefa naneho fanohanana. Hitako avokoa Tompoko ny nataonareo ary tsy ho voavaliko, fa ilay Andriamanitra manankarem-pahasoavana hamaly fitia anareo tsirairay. Maivana ny fanaintainana sy ny fitaintainana nahita ny fanohananareo rehetra. Inoako koa fa ho "fier" ilay raiko nahitako masoandro, mpitolona tamin'ny 1947, izay teo anilako mandra-pikipin'ny masony na dia tsy misoratra ao anaty kopiako aza ny anarany. Mino koa aho fa ho "fiers" i James Ratsima sy Maître Olala, izay tsy ho adinoiko mandrakizay ! Handry am-piadanana anie izy ireo. Ny marina tsy mba maty".

Momba ity raharahan'ny mpitondra taksi sy ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina ity, ho hitantsika eo ihany ny ho tohiny.



*Ny filohan'ny FTAR, Clemence Raharinirina.*

***Niaina***

Antoko Arema

# Manatona ny vahoaka amin'ny alalan'ny fanatanjahantena koa

Natao ny alahady teo ny lalao famaranana teo amin'ny taranja baolina lavalava, izay nokarakarain'ny Antoko Arema. Teny amin'ny kianja Cheminot Antanimena no nanaovana izany. Lalao miisa 4 no tokony ho natao io afak'omaly omaly io, saingy tsy tontosa ny lalao iray. Toy izao ny voka-dalao :

Ho an'ireo klioba avy any Atsimondrano : resin'ny Magnam tamin'ny isa 8 no ho 3 ny Desam.

Nivoaka ho mpandresy nanoloana ny RSA 2 tamin'ny isa 13 no ho 6 ihany koa ny XV OOAN.

Ho an'ireo klioba teto Antananarivo Renivohitra kosa indray, niondrika nanoloana ny XV Complexe tamin'ny isa 20-6 ny XV Piste. Ny lalao tokony ho natrehan'ny Savase Rose sy ny Aigle Noire kosa no tsy tanteraka tamin'ny ora farany, fa mbola miandry ny fandaminana ny kianja ao amin'ny Malacam ny famerenana raha ny nambaran'ny mpikarakara. Marihina fa ireorehetra nivoaka ho mpandresy tamin'izao lalao izao dia nibata Omby mifahy avokoa.

Notoloran'ny antoko Arema baolina ihany koa ireo klioba rehetra izay tsy nahazo ny anjarany tamin'ny fizarana baolina nataon' ny antoko ny volana Martsa teo. Nandritra izany ihany koa no nanoloran'ny fikambanan'ny mpanao rugby coupe na amboara, ho an'ny sekretera nasiônalin'ny antoko Arema, Annick Ratsiraka, ho fankasitrahana ny fanohanany izao fifaninanana izao.

Mitohy ny asa fanatonana ny vahoaka ataon'ny Arema, raha ny nambaran'ny sekretera nasiônaly Annick Ratsiraka. Taorian'iny hetsika arapanatanjahantena iny dia ho tanterahana tsy ho ela indray, ny fanolorana ny loka tamin'ny fifaninanana tanàna Madio, nandritra ny hetsika fanadiovana teny amin'ny faritra Iva.



*Ny lalao rugby nokarakarain'ny antoko Arema tetsy amin'ny Malacam Antanimena.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Hetsiky ny taksi ny faran'ny herinandro teo

## Voahosihosy indray ny demôkrasia

Rehefa misy trangana toe-draharaha mafampana eto amin'ny firenena, ka isiana hetsika vondron'olona te haneho hevitra mafy eny an-dalambe na an-kianja, dia miharihary hatrany ny fomba fihetsiky ny fitondrana sy ny manam-pahefana eto amin'ny firenena, izay tsy mifanaraka hatrany amin'ny eritreritry ny vahoaka. Ny hita hatrany ihany koa amin'ny fotoana toy izany dia voahosihosy ny demôkrasia. Nilaza ny lehibe mpitarika ny mpitandro filaminana tamin'ny faran'ny herinandro iny, fa tsy azo atao ny manao hetsika an-dalambe manohintohina ny fiainan'ny hafa. Hafa iza io, ary tokony hipetraka ve izany? Nahoana no any amin'ny firenen-kafa, toy ny any Frantsa izay mahafatifaty ny tomponandraiki-panjakana eto amin'ity firenena ity sy alainy tahaka fatratra tokoa, azo atao ny hetsika, ary tsy misy fandraràna toy izany? Toy izany koa vao tsy ela ny tao amin'ny Nosy Maorisy, nidina an-dalambe ny vahoaka ary nahazo nanao hetsika, fa tsy mandràra toy ny ataon'ny mpitandro filaminana eto ny ataon'ny any? Moa tsy maneho miharihary ve izany ny amin'ny firenena maha taraiky antsika sy verezin'ny firenen-kafa lavitra amin'ny fomba fanehoan-kevi-bahoaka? Isika tsy ho môdely araka ny nambara sy nidedahana tany am-piandohana nandray fitondrana raha izao, fa ny hafa indray no hampianatra sy halaina tahaka. Nahoana no entina mihemotra ny firenena, fa tsy mba misy ezaka na fianavana ataon'ny tomponandraiki-panjakana sy manam-pahefana isan-tsokajiny hampandroso ity firenena ity sy ivelaran'ny fomba fisainan'ny vahoaka? Fa ny atao eto dia fanampempoana hatrany sy fanaovana ramatahora ilay vahoaka tsy ho sahy haneho hevitra malalaka. Entina mirefarefa ny fitantanam-pirenena. Ny faneriterena ny vahoaka toy izany dia tsy hampandroso sy hampivelatra na hampisaina lavitra azy. Miankina amin'izany anefa no lalana iray mahomby hampisandratra ity firenena ity. Mazava loatra, fa mifanipaka tanteraka amin'ny politikan-dRajoelina ny amin'ny P.E.M izany ataon'izy ireo izany. Tsy atao hahagaga, efa ho telo taona mahery izao, mandrorona fotsiny ny asa fampandrosoana eto amin'ity firenena ity, fa tsy ahatarafana fahatsaram-piainan'ilay vahoaka. Ny ataon'ireo mitàna fahefana isan'ambaratongany izao, misy misintona hianatsimo, ny hafa eroa misintona hianavaratra; ny sasany mitarika hiankandrefana, ny hafa ery mandrirotra hiatsinanana. Olona iray ihany anefa no "tompoin"'izy rehetra ao anatin'izany. Dia izao ny manjo ny vahoaka, voageja amin'ny sehatra rehetra iainany eto amin'ity firenena ity. Tsy mahakasika ny mpitandro filaminana sy ny mpitondra fanjakana rehetra isan-tsokajiny izany, satria ny fiainan'izy ireo voatsinjo manokana sy mahita tombontsoa ao anatin'izao fitantanam-pirenena sarotra sy manahirana ho an'ny vahoaka izao.

***Sôh'son***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00

## Ny Valosoa sy hadihady

### Fitondrana Rajoelina

# Fitondrana tsy mahomby sy itoeran'ny haratsiana

Miakatra eny amin'ny haino aman-jery daholo tato ho ato, ny mpanohana sy ny ao amin'ny governemanta ary ny ao amin'ny parlemanta miaro izao fitondrana, tsy mahomby sy itoeran'ny haratsiana (sans qualité) rehetra izao. Naverina teto ihany koa ireo masoivoho malagasy miasa any ivelany nanambara fa manohana ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, sy ny fitondrana amin'ny ankapobeny. Rehefa tsy voaloa ny vatsimpianaran'ny mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo sy eny amin'ny ivotoeram-pampianarana ambaratonga ambony dia ahilika any amin'ny « digitalisation » ny anton'izany. Tsy voaloa ihany koa ny tambikaraman'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra ary ny mpandraharaha ara-teknika sy ara-pitantanana (PTA) eny amin'ny anjery manontolo ihany. Efa hifarana anefa ny taom-pianarana amin'izao fotoana izao. Tsy voaloan'ny fitondrana ihany ny karaman'ireo orinasa salantsalany (PME) nanao fikojakojana ny làlana. Niezaka nanadio tena ny minisitry ny asa aventy raha niakatra tao amin'ny fahita lavitra tsy miankina iray ka nanome tarehimarika fa misy tsy nahavita ny asa nampanaovina azy ny orinasa sasany. Nisy koa nanao fotodrafitra toy ny tetezana kanefa dia tsy nanaram-penitra izany ka raha vao tonga ny orambe dia lasan'ny rano izany. Ny manahirana dia tsy maintsy misy ny mpanara-maso ny fahafenon'ny fepetran'ireo akora fototra (matériaux : fer, dosage béton) entina manao ny asa (LNTPB) ka tsy azo ekena ny filazana fa nanao asa tsy ara-dalàna ny orinasa. Tsy mitaky foatoana ella izany fa eo no eo ihany dia tsy azo tohizana ny asa rehefa tsy mahafeno ny fepetra ny akora fototra fa tsy aorian'ny fahavitan'ny asa. Na niova im-piry na impiry ny minisitra tomponandraikitra ny asa vaventy dia misy ny fitohizan'ny asa ka, angamba, nomena ny orinasa manana olom-pantatra ao amin'ny fitondrana ny asa ka tsy afaka nanaramaso ny rafitra manao izany. Tsy voaefan'ny kaominina sasany eto amin'ny Firenena ny karaman'ny mpiasa ao aminy ary raha ny eto an-drenivohitra manokana no asian-teny dia hita fa tsy voaefan'ny ben'ny tanàna ny karaman'ireo mpandraoka fako ao amin'ny orinasa (SMA) nasolo ny SAMVA ka nivangongo ny fako manerana ny tanàna. Araka ny mahazatra izao fitondrana izao dia rehefa mitokona noho izany antony izany ny mpiasa dia mivoaka ny vola. Izay no mampametram-panontaniana hoe tratry ny tsy fahafahana mandoa vola (cessation de paiement) intsony ve ny fitondrana sa misy vola nahodikodina any ho any ka rehefa may ny endim-boanjo dia voatery havoaka. Nisy gazety mpiseho isan'andro Antananarivo teo aloha, Ravalomanana Lalao, sy ny mpanolotsainy manokana, Ravalomanana Marc, tamin'ny tombotsoan'izy ireo manokana ny volan'ny « Easy Park ». Mampiaiky fa tena misy manampahazana manokana amin'ny famoronana atontan-taratasy hoentina manenjika olona sy hanodikodinana ny saim-bahoaka tsy hifantoka amin'ny fahotàna mahafaty ataon'ny ben'ny tanàna ankehitriny momba ny vola amina miliara ariary maro nindraminy ao amin'ny CNaps. Ambonin'izany dia ampahafirin'ireo « veliranon' iardavivo » nataon'ny ben'ny tanàna ankehitriny moa no tanteraka satria raha ny lalàna eto an-drenivohitra no jerena dia lavaka etsy sy eroa ary miteraka fitohanana mampiteny ny moana izany. Na izany na tsy izany dia misy ny manana maso be tsy mahita ka milaza fa mandroso ny Renivohitra ka mitaky ny mbola hirotsahan'ny ben'ny tanànana ankehitriny, Andriatsitohaina Naina, amin'ny fifidianana manaraka. Raha ny veliranon'ny filohan'ny Repoblika indray no jerena dia nisy lahatsoratra nivoaka tao amin'ny gazety mpiseho isan'andro nilaza fa ny roambinifolo isan-jaton'izany ihany no tanteraka amin'izao fotoana izao. Toa manaporofo izany tokoa ny zava-bitan'izao fitondrana izao satria mbola manao fampielezankevitra amin'ny fampanantenana mampatory mitsangana ny mpitondra. Raha ny fanadihadiana nataon'ny fikambanana tsy miankina (ONG) miisa roa, nivoaka an-gazety omaly kosa dia misy roambidimampolo isan-jaton'ny mpifidy (52%) eto Madagasikara, hono, no mbola hifidy an-Rajoelina Andry amin'ny fifidianana filoham-pirenena ny 2023. Raha valo isanjaton'ny mpiray tanindrazana ihany no manana fari-piainana azo lazaina fa mihoatra lavitra noho ny an'ireo roambisivifolo isan-jato dia sarotra no hinoana io tarehimarika navoakan'ireo fikambanana tsy miankina ireo. Azo hinoana fa ny fomba nentina nanao ny fanadihadiana no nolakanina (méthode canalisée) ho amin'io valiny nokendrena io. Mandady amin'ny tany ny vahoaka Malagasy amin'izao fotoana izao, tsy fidiny ho azy izany, fa izay no ampiainin-dRajoelina Andry azy ka ny mahazo tombontsoa ihany no mbola hifidy azy.

***Andry Tsiavalona***

**Jeunes TIM Toamasina**

# Na nisy ny sakantsakana, tsy nihemotra ny "randonnée" ny tanora

Na nisy aza ny sakantsakana, tsy nihemotra fa tontosa soa aman-tsara ny "randonnée", na dia an-tongotra sy fitsangatsanganana nataon'ny Jeunes TIM Toamasina ny sabotsy lasa teo, araka ny nambaran'ny iray amin'ireo komity mpikarakara izany hetsika izany Jean Claude Rakotoarisoa. Nanotrona ny Tanora TIM tamin'izany koa, ireo tanora avy amin'ny vondron'ny mpanohitra: Jeunes RMDM any amin'ny faritra Atsinanana. Randonnée sy fambolen-kazo no saika ataon'izy ireo tamin'izao hetsika izao. Efa azo ny zanakazo. Efa nanome alalana ny fokontany, ny kaominina, ny Lycée2 Toamasina faha-2, fa tamin'ny ora farany nisintona ny fanomezandalana indray izy ireo. Ny olana koa natao verbal na am-bava fotsiny ny fangatahana an'ilay tany saika nambolena hazo dia nivadika tamin'ny teniny avy eo ireo tompon'andraikitra. Dia lasa tsy vita ny fambolenkazo, fa nandeha tany amin'ilay toerana tany Toamasina faha-2 fotsiny ny rehetra. Teny an-dalana koa aza, nalain'ny polisy sary sy nanontaniany hoe: ho aiza ireo nanao ny dia an-tongotra nolaroina fitsangatsanganana ireo, dia ny valintenin'ireo tanora TIM sy RMDM dia ny hoe: handeha hitsangatsangana. Dia tsy raikitra ny fambolen-kazo, ka lasa dia an-tongotra sy fitsangatsanganana fotsiny no natao. Nanotrona ireo tanora tamin'izao hetsika nataon'izy ireo izao, ireo mpitarika ny DISTIM ao amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana.

***Isambilo***



*Ny randonnée nataon'ny Jeunes TIM Toamasina, tany Toamasina II.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Dia ny tena no menatra 53% hono no mbola hifidy an-dRajoelina amin'ny 2023



Free news
Votre quotidien, votre liberté!
TSAPAN-KEVITRY NY ONG IVORARY SY NY ONG TOLOTOSOA
53%-n'ny olom-pirenena mbola vonona hifidy ny Filoha Rajoelina

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** dia mihevitra moa izany ry Lalatiana fa Manipulatrice henjana, ka hanodinkodina ny sain'olo ? Ny taux de participation t@ 2018 aza no manodidina an'io 53% io @ -10 millions latsaka. Inscrits...
+93% ny Malagasy no tafiditra anaty fahantrana lalina izao ary 11% monja @ Velirano no zara fa vita tao anatin'ny 3,5 taona.
95% ny lalam-pirenena efa tsy mendrika intsony ny antsoina hoe Route Nationale.
Ny firenena mikatso fa tsy manana antoka ny mpamatsy @ trosa miavosa tangosana kanefa tsy hita ny fiantraikany.

**Todisoa Ndremiranga:** ONG mba tena reconnue @zany resaka izany moa izy ity? Totalin'isa avy aiza ary inona ny base de calcul namoahana io 53% io?

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Todisoa Ndremiranga: samy manana ny baromètre-ny io leka. Angaha ry Lalatiana mahantra ? Aiza no ahatsapany ny réalité.

**Todisoa Ndremiranga:** manao solomason'ny mpanakarena izy ka "maintso ny tontolo" izany no hitany? misy teboka vitsivitsy maromaro mila jerena sy faritana ary apetraka vao afaka mamoaka antontan'isa tena ofisialy. Tsy vitan'izay fa mila mandalo ambaratongan-drafitra maro ny sondage toy itony.

**Bertrand Randrianirina:** ONG no namoaka an'io ka!

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** Bertrand Randrianirina: dia raha ONG dia maninona ? Feno aby ve ny seza t@ fampisakafoanana omaly!

**Bertrand Randrianirina: Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** ny olona mahita fa miezaka io Filoha io, fa ny manodidina sy mpanao abus no olana.

**Lŭčă Ränd :** Bertrand Randrianirina inona lay ezaka ?...nareo rangaha tena manabado tena ka.

**Fitiavaniaina Rak** : Antananarivo mihitsy ro tsa mpifidy lôranjy intsony

**Heritiana Rasoamiaramanana Dit Zaref:** zao ary ko.. VAO maika mandiso ilay 53% izany. Kkkkkk!

**Daniel Rakotoarisoa :** 11% ny réalisation fa mahita 53% ny projection de réélection... Eto Madagasikara ihany no misy résultat-ana sondage de confiance inversement proportionnel... Mampihomehy, sondage manaotao foana.

## TONONKALO

### Ny niakaran'ny Tompo amboninahitra tao Jerosalema

Tsy izy ilay mpanindrahindra ny tenany,
Na dia mpanjaka aza ity notsenaina,
Fa zana-boriky no mba notaingenany,
(Izay ilay voalaza fa nampanalaina !)

Tsy fihetsiketsehana manara-penitra,
Tsy haingo marevaka no nitsenana.
Tsy nisy "bebaoty" nanao porizenitra,
Fa dia vahoaka niventy ny "hosana" !

Tsy zavatra tena nomanina akory
Ny sampan-drofian`iretsy mpitsena.
Toa nanaporofo sy tena nitory
F`ilay notsenaina dia mpanetry tena .

Fianarana izany ho anareo ry mpitondra,
Variana , sodoka amin`ny hoerahoera.
Aza dia ny soavaly na koa hoe ny ampondra,
No atao idedahana sy aderadera.

…Tsy izay no ilaina amin`ity firenena,
Tsy izay ry mpitondra miseho ho maranitra.
F`ianao ilay miverina manetry tena,
Ary hitady ny tavan`ilay Andriamanitra !

***DADAN`i ZINA (10-04-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny « randonnée » nataon'ny Jeunes Toamasina tany Toamasina faha-2 ny sabotsy teo.**














**Ny faharatsianr'ny lalana Ifanadiana-Ikongo.**






# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny famelomamaso ny antoko TIM tany Maevatanàna, faritra Betsiboka.













Ny lalao rugby nokarakarain'ny antoko Arema, tetsy amin'ny Malacam Antanimena ny faran'ny herinandro teo.





RAHARAHAM-PIRENENA

# Milaza ho namana, nefa misy tsy namanao ny zandary

Nankalazaina ny 02 April 2022 ny andron'ny zandary, misy isan-taona ny fankalazana, ny teny filamatra noraisina tamin'ity taona ity dia toy izao : '' Namanao ny Zandary ''
Raha tsiahivina ny tantara dia ny 01 April 1969 no nandray ny fitantanana ny ''Gendarmerie Nationale '' ny Komandà Richard Ratsimandrava.
Ny Jeneraly Boukino, Sonegaly mizaka ny zompirenena frantsay, no nifehy ny '' Gendarmerie Nationale '', taorian'ny nivereneanan'ny fahaleovantena tamin'ny taona 1960.
Nahatsapa ny Filoha Philibert Tsiranana tamin'izany, fa tonga ny fotoana tokony hanendrena teratany malagasy amin'izay, hitantanana ny '' Gendarmerie Nationale '', ka ny Kapiteny Richard Ratsimandrava manamboninahitra tao amin'ny tafika no nalefa niofana momba ny ''Gendarmerie'' tany Melun tany Frantsa, niverina avy tany izy dia notendrena ho komandin'ny '' Gendarmerie Nationale'' ny 01 April 1969, ary nampiakarina teo amin' ny laharan'ny '' Commandant'' .
Izay no mahatonga ny fankalazana isan-taona ny andron'ny zandary isaky ny fiandohan'ny volana aprily, ary tsy io ihany no vaninandro lehibe ho an'ny Zandary fa omen'ny Zandary lanja ihany koa ny 11 Febroary, satria ny 11 Febroary 1975 no maty nisy namono ny Kolonely Richard Ratsimandrava, izay Manamboninahitra zandary ambony laharana indrindra, no sady filohampirenena maty amperinasa ihany koa.
'' Tanindrazana sy Lalàna '', no teny filamatry ny Zandarimarimpirenena, izay marihana ihany koa fa ny Kolonely Richard Ratsimandrava, no nanagasy ilay hoe ''Gendarmerie Nationale'', ka lasa Zandarimariampirenena'', saropiaro fatratra tamin'ny fanajana ny '' Lalàna'' ny Kolonely Ratsimandrava , nololohaviny an-tampon'ny loha ihany koa ny maha''tandroka aron'ny vozona'' sy ny maha''mpiaro ny vahoaka sy ny fananany '' ny zandary , ary nomeny hasina koa ilay hoe '' Tanindrazana'', ka naverimberiny matetika fa ny tanindrazana dia i Madagasikara sy ireo vahoaka malagasy mponina ao aminy.
Herinandro katroka taorian'ny nankalazana ny andron'ny Zandary, ny Sabotsy 09 April 2022 teo dia nampiseho herisetra ny Zandary, dia ireny fisamborana an'i Ramatoa Clemence Raharinirina teny Ankorondrano ireny , izay vehivavy kely vatana tsy nitondra fitaovampiadiana fa dia tanampolo, kanefa dia zandary goavambe no nibeda azy sy nitondra azy an-keriny ''natao famotorana'' hono, marihana fa tsy mbola niditra teny Analakely i Raharinirina Clemence, fa vao nitafatafa tamin'ireo mpikambana tao amin'ny Ftar teny Ankorondrano.
Mampalahelo ny toe-javatra toy izany, satria tsy toetran'ny Kolonely Ratsimandrava ny mampiasa herisetra, fony izy Ministra niadidy ny Atitany aza dia nalalaka ny fanehoankevitra , tsy nisy ny sivana saingy ny mahamenatra ny 05 February 2021 nahafeno 46 taona nandraisin'ity Manamboninahitry ny Zandary ity ny fahefana feno avy tamin'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa ny 05 February 1975 dia noraran'ny fitondrana tarihan'ny Filoha Rajoelina ny fandefasana ny ''Mbs'' ao amin'ny '' Canal plus '' sy ''Startimes'' ary ''Parabole '' ary tsy ela akory fa vao tamin'ny Sabotsy teo, herinandro katroka taorian'ny nidradradradrana hoe '' Namanao ny Zandary '' ny 02 April 2022 no nibaribary, fa toa tsy tena namana ireto zandary ireto matoa nahavita herisetra toy ireny tamin'i Clemence kely ireny, sady toa niaro ny sezan'Ingahy Mera Vazahabe fa tsy nijery ilay ''Tanindrazana'' .

***Ny Valosoa***

"Festival Dola Beach" Vatomandry

# Ny 15-18 aprily ny andiany faha-10



*Festival Dola Beach teo aloha tany Vatomandry.*

Ho tontosaina hanomboka amin'ny 15 aprily, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alatsinain'ny Paska 18 aprily 2022, ny hetsika "Festival Dola Beach" andiany faha-10, izay ho tontosaina any Vatomandry faritra Atsinanana toy ny mahazatra.
Somary niato nandritra ny roa taona (2020 sy 2021) ity hetsika ity, noho ny fihanaky ny valanaretina Covid-19 teto amintsika.
Ny fampahafantarana ny fomba amam-panao any amin'ny tanànan'i Vatomandry no tena tanjona namoronan'i Alexandre Lay Mein azy ity, ka misongadina indrindra ao anatin'izany ny lalao "beach soccer" amin'ny maha- filohan'ny "commission Beach Soccer" eo anivon'ny FMF azy.
Hisy koa anefa ny fifaninanana "beach rugby", "lutte traditionnelle", fifaninanana "miss" sy "mister", kermesy lehibe, tranoeva isan-karazany ary fifaninanana mahafinaritra ny rehetra isan-karazany, mandritra an'ity andiany faha-10 ity ary hamaranana azy toy ny mahazatra ihany koa ny seho antsehatra hiarahana amin'i Wawa.

***Rainilita***

Tarika Taratry ny Mazava

# Fitetezam-paritra no hanamarihany ny faha-20 taona

Hetsika ara-pilazantsara mitety Fiangonana, sy mitety faritra isaky ny Alahady, no hankalazana ny faha-20 taona nijoroan'ny tarika Taratry ny Mazava amin'ity taona ity, hoy Andriamatoa Ralaiarimanana filohan'ny tarika ary efa feno avokoa ny fandaharam-potoana amin'izao fotoana izao. Nanohy fanazavana izy fa ho fanamarihana ny jobily faha-20 taona dia mikasa hamoaka raki-kira andiany faha-6 ny tarika amin'ity taona 2022 ity ary hofaranana etsy amin'ny Tana Plazza Ampefiloha ny hetsika amin'ny Oktobra 2022 ho avy izao. Nanamafy ny filohan'ny tarika Taratry ny Mazava, fa efa mahafehy ny hira sy ny gadona ara-pilazantsara ireo tanora mpikambana, izay miisa 30 amin'izao fotoana izao ary mahatratra 100 ireo hira efa noforonin'ny tarika Taratry ny Mazava tao anatin'ny 20 taona. Nanohy fanazavana Andriamatoa Ralaiarimanana, fa ny fiverenany mitovy amin'ny tanora sy maka ny fon'izy ireo, mba hitarihana azy any amin'ny tanjona tian'ny tarika ho tratrarina, no lakilen'ny fahombiazana. Tsiahivina fa efa betsaka ireo toerana nanaovan'ny tarika Taratry ny Mazava fampisehoana, ao anatin'izany i Toamasina, Antsirabe, ny faritra Avaratr'Antananarivo toa an'Ankazobe, Manjakandriana, Andramasina, Ankazondandy…

***Franck Razakambelo***

CAN Côte d'Ivoire 2023

# Amin'ny talata 19 aprily ny antsapaka

Ho tontosaina amin'ny talata faha-19 aprily 2022, amin'ny 08 ora sy sasany alina ora malagasy, ny antsapaka amin'ny fifaninanana baolina kitra afrikana dingana fifanintsanana isam-bondrona, amin'ny « CAN Côte d'Ivoire 2023 » andiany faha 33 ».
Ao amin'ny « Chapeau 2 » no ahitana ny BAREA (laharana faha-22 aty Afrika ) amin'izany antsapaka izany, miaraka amin'i Afrique du Sud, Cap-Vert, Guinée, Gabon, Bénin, Ouganda, Zambie, Congo, Guinée Equatoriale, Kenya ary Sierra Leone.
Ireo ao amin'ny « chapeau 1 » kosa no ahitana an'i Côte d'Ivoire, Sénégal, RD Congo, Cameroun, Mali, Burkina Faso, Algérie, Maroc, Tunisie, Nigéria, Egypte ary Ghana.
Ao amin'ny « chapeau 3 » : Namibie, Guinée-Bissau, Niger, Libye, Mozambique, Malawi, Togo, Zimbabwé, Gambie, Angola, Centrafrique ary Mauritanie.
Ao amin'ny « champeau 4 » : Tanzanie, Comores, Soudan, Rwanda, Burundi, Ethiopie, Swaziland, Lesotho, Botswana, Liberia, Soudan du Sud ary Sao Tomé & Principé.
Vondrona 12 izay ahitàna ekipa 4 isam-bondrona, no hivoaka avy amin'izany antsapaka izany ary ireo ekipa ekipa 2 voalohany amin'ny ireo ekipa 48 anaty vondrona, no ho tafakatra amin'ny dingana famaranana, izay hatao any Côte d'Ivoire, ny faha-23 jona ka hatramin'ny 23 jolay 2023.
Toy izao ny fandaharam-potoana amin'izany fifanintsanana izany :
- Andro 1 & 2 : 30 may-14 jona 2022.
- Andro 3 & 4 : 19-27 septambra 2022.
- Andro 5 & 6 : 20-28 martsa 2023.

***Rainilita***



*Antsapaka Can.*

Playoffs Orange Pro League 2021/2022

# Ireo ekipa tany Fianarantsoa irery no nahafaty baolina

Ireo ekipa nifanandrina tany amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa" irery, no nahafaty baolina tamin'ireo lalao mandroson'ny dingana "Playoffs", na 1-4-dalan'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022", izay notontosaina tamin'ny alahady 10 aprily 2022 lasa teo.
Ny tany amin'ireo kianja hafa: teto Antananarivo: By-Pass, Ambohidratrimo sy Mahitsy dia nisaraka samy tsy nisy nahavaky atody avokoa, toa samy nifampitsapatsapa nifampatahotra ny ho resy izany avokoa izy ireo. Tsy mahagaga moa izany, fa manomboka amin'ity dingan'ny Playoffs ity dia mihintsana avy hatrany ireo resy amin'ny fanatambarana isa.
Ho henjakenjana araka izany ireo lalao miverina rehetra amin'ity 1/4-dalana ity ary somary hahazo tombony kely ireo hampiantrano ny fifaninanana.
Voka-dalao 1/4-dalana mandroso :
Disiples Fc 0 – 0 As Fanalamanga,
Cosfa 0 – 0 Cffa,
A.Dato Fc 1 - 1 Fosa Juniors Fc,
Ajesaia 0 – 0 Elgeco Plus.

***Rainilita***



*Ny ekipan'ny A.Dato Fc anisan'ny nahazo isa.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**09/04/2022 hatramin'ny 16/04/2022**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1285-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TONTOLO IAINANA

# Nifampigidraka ny mpiasan'ny ONE ny zoma teo

Nifampigidraka, na niafara tamin'ny korontana, ny fivorian'ny mpiasan'ny ONE, na ny Ofisim-Pirenena momba ny Tontolo Iainana, nataon'izy ireo ny zoma lasa teo. Nandritra ny fifanakalozana samihafa (divers), tao aorianan'ny fahataperan'ny laha-dinika ny fivoriamben'ny Sosialin'ny ONE, no nisian'izay korontana izay. Rehefa nanambara ampahibemaso ny Ramatoa iray antsoina hoe : Andrianasolo Mamialisoa, mbola nohamafisin'Andriamatoa Rakotoson Rija Herisolo, Tale jeneralin'ny ONE, fa Andriamatoa Ranaivosoa Rija Mamitiana Olivier, délégué du personnel de l'ONE no nolazain'izy ireo, fa nitory an'Andriamatoa Tale jeneralin'ny ONE tany amin'ny BIANCO (Bureau Indépendant Anti COrruption) sy PAC (Pôle Anti-Corruption), mahakasika ilay raharaha fandraisana mpiasa izay nivoaka an-gazety ary nahabe resaka tao anivon'ny ONE. Tsy nisalasala rahateo ko aizy ireo hoy ny fanambarana nanamafy, teo anoloan'ny mpiara-miasa nanatrika teo, fa ny Mpitsara nandray an-tanana ny famotorana (Juge d'instruction) tao amin'ny PAC mihitsy no niteny izany. Manoloana izany tranga izany dia manao fanamarihana toy izao ity delegen'ny mpiasan'ny ONE voaendrikendrika ity: - « Voalohan-teny dia, miala tsiny aminareo mpiara-miasa tanteraka noho ireny fisehoan-javatra ny zoma tolakandro teo ireny, satria amin'ny maha olombelona dia mety ho tohina ihany manoloana ny lainga nafafy izay niniana noforonina nataon'ireo olona voatanisa anarana etsy ambony ireo ny tenako ; - Raisiko ho toy ny endrikendrina tsy misy porofo (accusation sans preuve), sy fanararaotampahefana (abus de pouvoir) ny nataon'izy ireo, satria mieritreritra izy ireo, fa afaka miteny izay tiany hotenenina na manao izay tiany atao, rehefa eto anivon'ity orinasam-panjakana ity, satria any amin'izy ireo ny fahefana na dia fantatr'izy ireo soa amantsara, fa voararan'ny lalàna velona tanteraka ny firesahana ampahibemaso raharaha mbola ao anaty fanadihadiana toy izao ; - Ho fampatsiahivana dia, tsy vao izao no nisy trangana fanararaotam-pahefana miharo tsy fanarahan-dalàna toy izany teto anivon'ity orinasa ity nandritra izay heritaona mahery naha Tale jeneraly an'Andriamatoa Rakotoson Rija Herisolo izay, raha tsy hiteny afa-tsy ny fikasan'itsy farany handroaka tompon'andraikitra iray amin'ny tsy misy antony (licenciement abusif), ka saika ho nanoloany tsy araka ny lalàna mifehy (RGP) ny toeran'ilay olona, ka omena an-dRamatoa Andrianasolo Mamialisoa. Tsy tanteraka moa ny tetim-panoron'izy ireo, nohon'ny fijoroan'ny mpiasa rehetra nanohitra izany ; - Ny hetsika rehetra natao hatramin'izay entina iarovana ny orinasa sy ny mpiasa amin'ny tsy rariny sy tsy ara-dalàna dia niarahana tamin'ny mpiasa hatrany ; - Niniana natao ny tsy fanaovana tatitra tamin'ny mpiara-miasa momba ireo fanadihadiana ireo noho ny antony efa voalaza etsy ambony fa : voararan'ny lalàna velona ny firesahana ampahibemaso raharahampitsarana mbola ao anaty fanadihadiana ».

Raha fintinina dia niditra enquête na fanadihadian'ny PAC ny tale jeneralin'ny ONE sy ny vaharohirohy ny alakamisy teo... Valiny : nahazo LP miandry « enquête au fond » no azon'ingahy tale jeneralin'ny ONE sy ny namany... Romotra avy any ny anao lahy dia namatrapatratra tany ampiasana ny zoma hariva, ka raikitra ny fifamaliana... Rehefa novakiana tamin'ingahy tale jeneraly ny convocation izay misy lalàna mandrara ny famoahana resaka anaty secret d'enquête sy instructions, lasa ingahy tale jeneraly nitsoaka toy ny tsy teo...

***Stefa***

Fifamoivoizana

# Mampiteny ny moana ny lalana Ikongo-Ifanadiana


Mampiteny ny moana, izany no azo ilazana ny lalana Ifanadiana amin'ny faritra Vatovavy, mankany Ikongo faritra Fitovinany amin'izao fotoana. Tany an-toerana nanatanteraka asa fanamboarana tamin'izany lalana izany ny herinandro teo, ny depiote voafidy tany Ikongo Razafitsiandraofa Brunelle. "Tsy hoe fanaratsiana be fahatany ny mpitondra ny filazana ny faharatsian'ny lalana aty aminay, fa maso miara-mahita isika izao", hoy ny solombavambahoaka voafidy tany an-toerana ity. Lalana 92 Km atao roa andro na telo vao tonga. Mitoka-monina tanteraka ny mponina. Ny kamiao sy ny fiara tsy mataho-dalana sisa tonga any. Ny moto no afaka mitatitra olona amin'ny sarany lafo tokoa, satria 120000 Ar ka hatramin'ny 140000Ar ny olona iray. Faritra ahitana vokatra maro anefa ny any anelanelan'Ikongo sy Ifanadiana iny, na vary, na voly fanondrana samy hafa, na voankazo isan-karazany. Tsy tafavoaka avokoa ny ankamaroan'izany vokatra izany, fa samba any am-potony fotsiny.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 391**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0390)


***Mitsivalana***

- Sambatra
- Avia – Ao
- Mololo
- Valala (miv)
- Oh – Ivato
- Rònono (miv)
- Aoka – Aba

***Mitsangana***

- Sampona
- Avo
- Mila – OK
- Baolina
- Lavo
- Taolana
- Ro – Bota (miv)
- Arovy

## TENY MIFANARAKA N° 391




**Mitsivalana**

**1.** Drakaka – Tan‡na (miv) **2.** Vorona **3.** Sakafon-jaza – Zavamaniry (BR) **4.** Ao amin'ny Baiboly – Kianteny Iharana – Mpanoritra **5.** Nifintina – Tovona **6.** Hazo maro – Hery sy tanjaka **7.** Hita amin'ny biby sasany **8.** Skoto (miv) – Hira masina (miv) **9.** Maimbo, lo (miv) **10.** Mpitily, mpanarangarana

**Mitsangana**

**A.** Tanindrazany **B.** Zava-maniry – Rova (BR) **D.** Tompo Tsitoha **E.** Feo miverina – Tonia (miv) **F.** Malahelo (miv) – Osy bory rambo **G.** Fanontaniana – Mipoaka **H.** Mpiasa mpanampy – Biby fiompy (miv) **I.** Bibikely (miv) – Naoty – Teny mand‡ **J.** Fety fialam-boly (miv) **K.** Alina – Tsy mahazaka toaka (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0390

**Mitsivalana**

**1**.Farara - LMN **2**. (T)ale - Ity, io **3**. Rakitra - As **4**. Ino ? - Reniny **5**. Ta - Sahala **6**. Ha - Iraka **7**. No - Kanefa **8**. Ambarao **9**. Fa(rarano) - Fay **10**. Fokonolona

**Mitsangana**

**A** Faritana **B**. Al‡na - Omeo **D**. Reko **E**. Sakafo **F**. Ritra - Nara (miv) **G**. Atrehina **H**. Ianareo **I**. Faly (miv) - Fo **J**. Mianaka - An **K**. Nosy - Fia

RUGBY BARTHÉS TROPHY 2022

# Hanao manasa-dalana rahampitso any Kenya ny Makis U20

Hiatrika ny lalao manasa-dalana rahampitso alarobia 13 Aprily 2022 any Kenya, ny Makis de Madagascar sokajy U20, rehefa naharesy ny ekipam-pirenen'i Zambia tamin'ny isa 26 - 14, nandritra ny 1/4-dalan'ny fifaninanana rugby "Barthés Trophy 2022", izay atao ao amin' ny kianja Nyayo Stadium any Nairobi Kenya ankehitriny.



*Makis U20 any Kenya.*

Ny ekipam-pirenen'i Zimbabwe izay nandresy an-dry zareo Toniziana 19 no ho 18 teo amin'izany 1/4-dalana izany, no hifanandrina amintsika Malagasy mandritra an'izany lalao manasa-dalana izany.

Marihana fa tamin'ny fihaonana voalohany natrehany dia efa nandresy an-dry zareo Zambiana 26-14 ny Makis U20 Malagasy.

**Rainilita**

Basket section Tanà-ville

# Tompondaka ny Fandrefiala U16 Boys

Ny ekipan'ny Fandrefiala U16 Boys tantanan'ny mpanazatra Rasoloarijaona Cyrille, no voahosotra ho tompondakan'ny taranja basikety sokajy U16 taona 2022, ho an' ny seksiônan'ny basikety Tanà-ville. Resin'izy ireo tamin'ny isa 59 noho 43 ny ekipan'ny Cosfa U16 tamin'ny alahady 10 aprily 2022 teo tetsy Mahamasina.



*Fandrefiala U16 zatovolahy 2022 eo amin'ny basket-ball.*

Tsy namelan'ny Fandrefiala toa an'ireo mpifanandrina taminy rehetra nandritra an'ity fifaninana ity koa, raha tsy nahita faisana taminy ny ekipan'ny Cosfa U16.

Natanjaka ary navitrika ara-môraly tamin'ny ankapobeny ny ekipa U16 an'ny Fandrefiala taona 2022.

Na dia nitarika an'isa 15 no ho 13 ny Cosfa teo amin'ny ampahefa-potoana voalohany dia nahitsin-dry Ludovic sy Mitantsoa ary ireo namany izany, nanomboka teo amin'ny ampahefampotoana faharoa ary dia nampiseho ny firaisankinany tanteraka nanomboka teo ny ekipan'i Cyrille manontolo. Noharaotin-dry zareo rahateo ny fahadisoana natetitetika nataon'ny mpilalaon'ny Cosfa, nihoarany tany amin'ny isa folo nahery tany ho any ny isa azon'ny Cosfa nandritra ny ampahefa-potoana faharoa sy fahatelo ary dia notazoniny hatramin'ny farany izany ary tany amin'ny ampahefa-potoana farany aza dia nitombo izany elanelan'isa izany, ka lasa (41-28). Nahomby tamin'ny ankapobeny ny tifi-davitra nahazoana isa telo nataon'ireo mpilalaon'ny Fandrefiala, ka nahakivy tanteraka ny mpilalaon'ny Cosfa izany, nampiraviravy tanana azy ireo.

Azo ambara fa efa zatra miaraka ireto mpilalao U16 an'ny Fandrefiala ireto, satria efa hatrany amin'ny sokajy U12 izy ireo no niaraka nilalao hatrany.

"Afa-po aho tamin'ny ezaka nataon'ireo mpilalao notarihako, hoy ny mpanazatra Rasoloarijaona Cyrille, fa tena niady mafy tokoa ry zalahy nahitana ny lalan'ny fandresena. Tsy nanampotoana nialan-tsasatra izy ireo taorian'ny lalao manasa-dalana ny sabotsy teo, hoy izy, ary nahazo fandresena foana tamin'ireo lalao natrehany tamin'ity fifaninanana ity, ka izany no nampiakatra ny môraliny. Tsy ao anatin'ny voambolan'ny Fandrefiala U16 intsony ny hoe: "faharesena" izany, hoy ity mpanazatra ity namarana ny teniny".

**Rainilita**

Federasiônan'ny baolina kitra (FMF)

# Diso kajy ireo ligim-paritra miisa 21

Diso kajy ireo ligim-paritry ny baolina kitra miisa 21, izay azo ambara fa efa samy ela nietezana teo anivon'ny fitantanana ny baolina kitra any amin'ny Faritra misy azy ireo avy, ka tokony ho efa nahafantatra tsara an'izany rafitra FIFA sy ny fanapahan-keviny mikasika ny fitantanana ny baolina kitra maneran-tany izany. Diso kajy izy ireo, raha nandray fanapahan-kevitra niaraka tamin'ny ampahan'ireo "kômitim-panatanteraky ny FMF", notarihan'ny filoha faha-3 ao aminy nandritra ny Fivoriambe na AG nataon'izy ireo tamin'ny faha-31 martsa 2022 lasa teo, tetsy amin'ny kianja Barea Mahamasina.

Raha ny taratasy nalefan'ny FIFA ho an'ny FMF "Fédération Malagasy de Football" tamin'ny andron'ny faha-7 aprily 2022 lasa teo mantsy dia ireto fanapahan-kevitra manaraka ireto izay tsy nifanandrify mihitsy tamin'ny fehin-kevitry ny AG tamin'ny 31 martsa 2022 no navoakan'ny FIFA:

Ny Ag nataon'ny FMF tamin'ny 6 ôktobra 2021 no nakana an'izany fanapahan-kevitra izany, nandraisana ny fahampahafantaran'Andriamatoa Arizaka Raoul tamin'ny 10 nôvambra 2021 ny hisintahany amin'ny fitantanana ny FMF mandra paha… ka nilazany fa :

1°-Tsy ekena ny fitsabatsahan'ny rafitra hafa amin'ny fitantanana ny baolina kitra Malagasy ary tsy handeferana mihitsy izany fitsabahana sy fanelingelenana ny fitantanana ny FMF izany,

2°-Nekena ny fisintahan'Andriamatoa Arizaka Rabekoto Raoul tsy ho filohan'ny FMF intsony, ka nanendreny kosa an'Andriamatoa Andrianony Victorien filoha lefitra hisolo toerana azy vonjimaika hitantana an'izany FMF izany,

3°-Ny hanendren'ny "Comité Exécutif" olona hanao Sonia ny fandrarahana ara-banky hataon'ny FMF,


4°-Ny hanaovana fikarakarana fifidianana isan-tsokajiny ho fitantanana ny baolina kitra eto Madagasikara, ka ny "Comité executif restant" no hikarakara an'izany,

5°-Mitaky ny hanendrena "Commission électorale (première instance et recours), izay hifantoka amin'ny « code electoral à jour », ka hiarahana amin'ny FIFA sy ny CAF ny fandrafetana an'izany lalàm-pifidianana izany,

6-Hisy solontenan'ny FIFA sy CAF miaraka ho avy tsy ho ela eto Antananarivo, hanampy ny FMF hanatanteraka an'ireo dingana rehetra voalaza etsy ambony ireo.

**Rainilita**

Sakafo Ny Valosoa



Henabaolina avy amin'ny totokenomby sy lasary voatabia indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fanalana ny kohaka maina na ny rehoka tsy mivoaka



Fomba natoraly fanalana ny kohaka maina na ny rehoka tsy mivoaka indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Tongolo gasy hasiny 2 kikisana , sakamalaho ohatran'ny ankihibe kikisana , tongolo be na oignon ilay mena no tsara 1 kelikely kikisana. Rehefa voakiky avokoa izy rehetra dia tatavanina ary potserina ahazoana ranony .

Rehefa azo ilay ranony izy rehetra dia atao anaty bocal, avy eo hasiana tantely pur 4 sotro lehibe ary hafangaro tsara . Hanina 1 sotro lehibe in-3 isan'andro, adiny 1 alohan'ny sakafo . Afaka omena ny ankizy arakaraky ny taonany: mihoatra ny 10 taona 1 sotro kely, raha latsaky ny 10 taona dia atsasaky ny sotro kely.


OFFRE D'EMPLOI

POUR ETOFFER SON EQUIPE COMMERCIALE,

UNE SOCIETE CHERCHE HOMMES DE TERRAIN

PROFIL :

1 - BAC +2 MINIMUM EN : GESTION, COMMUNICATION ou COMMERCE.

2 - PERMIS DE CONDUIRE A' (MOTO).

3 - HOMMES AGES DE 25 A 35 ANS.

VEUILLEZ ADRESSER VOTRE DEMANDE D'EMPLOI ET VOTRE C.V. (insérer votre contact / numéro de téléphone pour contact rapide) A L'ADRESSE MAIL :

kavirga.recrute@gmail.com